
NY VALOSOA VAOVAO www.gvalosoa.com Samihafa Lah 1030 Alakamisy 19 martsa 2020 

## NY TENY FIAINANA

*I Petera 3:13*
*Ary iza no hanisy ratsy anareo, raha mazoto amin'izay tsara hianareo?*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Ampitovio ny famaizana ireo mpanely vaovao tsy marina amin'ny Facebook


Itsingory Rasoa
39 min
Araka ny vaovao voaray avy amin'ireo namana tsara sitrapo, dia voamarina fa tsaboina ankehitriny ramatoa Saraha RAVALOMANANA. Raha ny fanampimbaovao azo dia ny vadiny no voamarina fa tratran'ny Corona virus efa ho 5 andro lasa izay ka omaly no nampiahiahy ity zanakin'ny filoha teo aloha ity ary dia atao mise en quarantaine ankehitriny.
Halina ihiany dia saika handray fiaramanidina "Privé" andriamatoa Ravalomanana saingy tsy lasa indray. tsy fantatra hoe inona no antony.

**Nadia Raonimanalina :** ampitovio ny famaizana ireo mpanely vaovao tsy marina amin'ny facebook. Raha io post io no zohina dia efa tsy stade 0 intsony izany isika? Izany ve?
Aiza ny fandraisana andraikitra amin' itony vaovao itony?
Mbola azo lazaina vaovao ve izao? Compte fake, manely vaovao tsy marina manakorontana ny sain'ny vahoaka.
Manala baraka... Tokony handray ny andraikiny ny ao amin'ny sampan-draharahan'ny cybercriminalité.

**Anthelme Ramparany :** raha compte fake mamely fanjakana, na mamely andRajoelina, na Lalatiana io izao efa voasambotra. Mila ampitoviana amin' ny rehetra toko ny lalàna amin'ity cybercriminalité ity, izao dia tena fanalambaraka tsotra izao.

**Hery Tina Randrianaivoson :** raha toa ka zanaky ny filoha Rajoelina, na ny fianakaviany no voateny tao anatin'ty zara-vaovao ity (ka diso) dia efa nosamborina lay nizara ... Aza asiana tombo sy hala ny fampiharana lalàna.

**Malala Rakoto:** tsy efa niteny moa ilay ministre jeneraly fa henjehina izay manely tsaho ? Dia ho hitantsika eo tokoa ary raha hanenjika an'io compte facebook milaza tsaho io ny jeneraly Richard Ravalomanana, tsy ho jeneraly baombina tokoa izy amin'izay raha mampihàtra lalàna mitovy ho an'ny rehetra.

**Nirina Yves Andrianaivojaona :** ny ministra Lalatina koa aza efa nilaza vaovao tsy marina. Nolazainy fa ny Institut Pasteur no mitily raha misy na tsy misy coronavirus ny olona iray. Nitsipaka izany anefa ny Institut Pasteur. Nilaza vaovao diso izany Ramatoa ministra.

**Anthelme Ramparany :** porofoy fotsiny fa miteniteny fahatany lay olona f aza roritina e!

**Sedson Lam Rakoto :** tsy azo enjehina io ka! jereo nge ny publication ataony rehetra e, fanaratsi-ana ny clan Ravalomanana ranoray fo- tsiny, ary misy tena manompa olona sy miteniteny foana fotsiny, nefa tsy mbola voaenjika ity compte ity hatramin'izao. Azo samborina io rehefa ho samborina fa mpomba ny fitondrana dia jerena fotsiny.

**Randrianaly Lucas Rivaldie Henintsoa :** aiza ministre tompondraukitra @ itony vao2 fanalambaraka olona itony, ataoka angamba fa efa mihoatra tokony ho izy mihitsy ny toy izao a!

**Fenohanitra Tianasoa:** tony de manely tsaho mihintsy … mila henjehina mihintsy itony namoaka itony vaovao tsy marina itony. Raha nisy an'io ve tsy efa nilaza ny fanjakana fa tafiditra eto ny coronavirus. Mpanakorontana saimbahoaka, mila samborina!

**Vonimboahangy Arisefa :** sambory itsingory fa ma.....norisory. Hihihiiiiiii!

**Andry Rabesaotra :** itony mba sambory sa tsy mahazo kitihina? Mila samborina sy gadraina mihitsy ny olona mpnely vaovao tsy marina, manakorontana saim-bahoaka toy izao.

**Rafidison Herilaza :** tanteraho sy porofoy ny teninao Atoa ministra jeneraly, sambory ny mpanely tsaho sy habobo toy izao.

**Fy Rafam :** mpomba ny fitondrana io dia tsy azo samborina, raha namely ny fitondrana io izao, poa toy izay dia efa any Ambaniatsinanana.

**Alice Gloria Randrian :** izao no midika fa fitondrana tsy tan-dalàna ny fitondrana Rajoelina. Tsy mitovy ny olom-pirenena amin'izy ireo manoloana ny lalàna, misy ny tombo sy hala.

**Manohiarivony Rivo :** itony izao jerena fotsiny, fa raha olon-kafa izao no voatonona teo de asa fotsiny:!!!!!aleoko mangina.

**Nadia Raonimanalina :** izay mihitsy... Vetivety dia efa voasambotra raha nikitikitika ny fitondrana sy ny forongony.

**Roger Rabesaotra:** ampitovio ny olom-pirenena manoloana ny lalàna, fa izay ihany no mampandroso. Izao no anisan'ny tsy mampandroso firenena, tsy mampihàtra ny lalàna mitovy amin' ny olon-drehetra ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana izao.

**Kalo Voahangy:** ampiharo amin'ny olo jiaby lalàna, aza atao ka raha io izy io. Aia anao jeneraly bombe, sambory olo manao publication tsy manjary io!

## LYCÉE ETO AN-DRENIVOHITRA

# Fampirantiana ny tantaran'ny tolom-panafahana tamin'ny 29 martsa 1947

Mitsingerina amin'ity taona ity ny faha-73 taonan'ny tolom-panafahana tamin'ny 29 martsa1947 teto amintsika. Misy ny hetsika ho fanomanana ny fanamarihana izany, fampirantiana mitety ireo Lycée eto andrenivohitra. Ho fahatsiarovana ny tolom-panafahana 29 martsa 1947 dia misy ny fampirantiana antsary sy an-tsoratra ny tantaram-pirenena, ho fampahafantarana ny taranaka sy ny mpianatra ny fanilon'ny fitiavan-tanindrazana, mba tsy ho very maina ny tolona nataon' ireo mpiady tia Tanindrazana Malagasy tamin' izany fotoana izany nanohitra ny mpanjanatany Frantsay. Toy izao ny fandaharam-potoana amin' izany:



*Sorabaventy milaza ny fampirantiana momba ny 29 martsa 1947.*

Ny talata 17 martsa teo, tao amin'ny LTC Ampefiloha.
Omaly alarobia 18 martsa, tao amin'ny LMA Ampefiloha.
Anio alakamisy 19 martsa, eny amin'ny Lycée Ambohimanarina.
Rahampitso zoma 20 martsa, ao amin'ny Lycée RABEARIVELO Analakely. Ny fotoana rehetra dia manomboka amin'ny 09 ora maraina ka hatramin' ny 05 ora hariva. Mpikarakara izao hetsika izao ny ministeran'ny fiarovam-pirenena.

**Isambilo**

## Fiarovam-pirenena

# Manao ezaka ho fisorohana ny valanaretina coronavirus

Samy manao ezaka ho fisorohana ny tsy ahatongavan'ny valanaretina coronavirus eto amintsika avokoa ny rehetra ankehitriny. Anisan'ny mandray anjara amin'izany koa ny ministeran'ny fiarovam-pirenena. Mandray ny andraikiny amin'ny fitandrovana ny fahasalamana sy fahadiovana ary ny fiadiana amin'ny tsimokaretina COVID-19 mpitondra ny coronavirus ny fitantanan-draharahan'ny fanompoam-pirenena sy ny fitantanana ny fiandry na ny DSNGR eny Andohalo. Mba hiarovana ny vahoaka mifamezivezy ao an-toerana sy ireo mpiasa ao amin'ny fitaleana dia tsy maintsy manao fitsapàna hafanana sy fanasana tanana isam-batan' olona izy ireo mialohan'ny hidirana ao.


*Fitandroana ny fahadiovana, sy fisorohana ny coronavirus, ataon'ny ao amin'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena.*

**Niaina**

## Nosy-Be

# Nijotso 600% ny vidin'ny felana Ylang Ylang

Mitontongana izay tsy izy amin'izao fotoana ny vidin' ny felan'ny Ylang Ylang any Nosy-Be, faritra Diana. Ny felan'ity hazo ity izay manitra tokoa, ka mahatonga an'i Nosy-Be, antsoina ihany koa hoe Nosy Manitra. Ny menaka manitra avy amin'ny Ylang Ylang no anisan'ny fanaovana ranomanitra, ampiasaina fanomezana fofona tsara ny savony, shampoing,… 1 000 Ariary no ividianan'ny mpanangombokatra ny iray kilao amin' ny felana Ylang Ylang any Nosy-Be amin'izao fotoana, 500 Ariary aza amin' ny toerana sasany, raha toa ka 6 000 Ariary izany teo aloha. Betsaka ny tolotra noho ny tinady, ka izay no mampitotongana ny vidiny eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena raha ny fanazavana. Efa mifaninana amin'i Nosy-Be ihany koa amin'izao ny vokatra avy atsy amin'ny nosy Mayotte sy kaomaoro. Raha any ivelany dia 45 euros na 190 000 ariary eo ny 100 ml ny menaka manitra Ylang Ylang 100%, tsy mitapoka.


*Felana Ylang Ylang, hamidy amin'ny mpanangom-bokatra any Nosy-Be.*

**Aly**